


Ireo dingana fanamboarana zezika kaomposta ranony

- Afaka mampiasa barika plastika :



- Afaka mampiasa bizo mirefy 1m ny savaivony



AHOANA NY FAMPIASANA ZEZIKA KAOMPOSTA RANONY?

Ny zezika kaompost ranony dia afangaro amin'ny rano mitovy fatra aminy alohan'ny ampiasana azy amin'ny arrosoir na paompy. 5l amin'ny zezika kankana izay afangaro amin'ny rano 5l no fatra ampiasaina amin'ny voly legioma mirefy 10m². Afaka ampitomboina io fatra io arakaraka ny fanafihan'ny bibikely sy aretina.

Rehefa mipoitra ny ravina vao ampiasaina ny zezika kaomposta ranony;

Ny zezika kaomposta ranony dia miasa sy misy fian-



Mise en oeuvre par :
giz Deutsche Gesellschaft
für Internationale
Zusammenarbeit (GIZ) GmbH

TOROLALALANA FANAMBOARANA SY FAMPIASANA ZEZIKA KAOMPOST RANONY



Mai 2022

INONA NO ATAHO ZEZIKA KAOMPOST

RANONY?

Ny zeziika kaompost ranony dia azo avy amin'ny faha-loavan'ny karazan-java-maniry tanterahin'ireo bibikely miaina amin'ny rivotra avy amin'ny zezi-pahitra. Sady mitondra tsiro izy no hahafahana ihany koa miady amin'ireo bibikely sy aretina samihafa noho ny fisian'ireo singa hoentin'ny zava-maniry isan-karazany.



INONA AVY IREO AKORA SY FITAOVANA ILAINA AMIN'NY FANAMBOARANA ZEZIKA KAOMPOST RANONY ?

Ireo fitaovana samihafa azo ampiasaina :

Ny fitaovana ampiasaina dia miankina amin'ny fisian'ireo akora isan-karazany eo an-toerana sy ny tanjona eo amin'ny famokarana arakaraka ny velarantany ananana sy fahafahana ara-bola.

- ♦ Bizo mirefy 1m ny savaivony sy ny hahavony izay mahalany rano eo amin'ny 730l,
- ♦ Barika plastika mahalany 105l, 150l ary 200l, Boaty avy nasiana loko 25l, Seau 15l sy 20l.

Matetika dia ny sobika no hamarana ireo ravi-maitso isan-karazany sy zezi-pahitra ampiasaina.

Ny seau kosa no ampiasaina amin'ny famarana ny rano afangaro amin'ireo ravi-maitso isan-karazany.

Ireto ravi-maitso ireto no fampiasa matetika amin'ny fanamboarana zeziika kaompost ranony izay azo ovaina arakaraka ny zava-misy amin'ny toerana tsirairay avy :

- ♦ acacia, ambatry, ravina sy tahon'ny akondro, crotaire, tanamasoandro,
- ♦ bemaimbo ou ageratum conyzoides, 150 maladies na neem, voandelaka, tephrosia.



Arakaraka ny hamaroan'ireo ravi-maitso ampiasaina no hatsaran'ny kaompost zeziika ranony.



AHOANA NY FOMBA FANAMBOARANA ZEZIKA KAOMPOST RANONY?

- Afangaro tsara ireo ravi-maitso nototoina na notete-hina mialoha tamin'ny antsy,
- 2/3 n'ireo zava-maitso avy nafangaro dia ampiarahina amin'ny zezi-pahitra 1/3,
- Arotsaka anatin'ny barika plastika na bizo ireo ravi-maitso sy zezi-pahitra avy nafangaro ary tsy ajanona raha tsy tonga eo amin'ny ampahatelony
- Arotsaka aoanatin'ny barika plastika na bizo ny rano mandram-pahafenony,
- Saronana avy eo ny fitaovana ampiasaina ary tandremana mba hisy rivotra tafiditra hatrany,
- Rehefa tonga ny andro fahaefatra nanotrehana azy dia aroaroina mba hifangaro tsara mandritry ny 5mn isaky ny 2 andro,
- Masaka ary azo ampiasaina ny kaompost zeziika ranony rehefa afaka 20 andro eo eo nanotrehana azy,
- Alohan'ny ampiasana azy dia tatavanina mba hahafahana manala ny faikany.